13

# NY SARIN-TENY

## TANJONA

Mamantatra ireo karazana tamberina, ary mampiasa izany.

## LESONA HOTADIDINA

**FAMARITANA**

Ny atao hoe Sarinteny dia fomba filazan-javatra an-kolaka na mivantana entina maneho hevitra na fihetseham-po amin'ny fomba kanto. Ao anatin'izany ny tamberin-teny.

**IREO KARAZANA TAMBERINA**

Ireto misy sarin-teny maneho tamberina :

- Litote
- Anadiplose
- Anaphore
- Epiphore
- Epanalepse

**LITOTE :**

Heviny roa no mety hampiasana ity sarin-teny ity : heviny ety sy heviny malalaka.

a) Famariparitana amin'ny heviny ety :

Fanamaivanana filazan-javatramba hampafonja bebe kokoa ny tian-kambara. Sarin-teny fampiasan'olona matetika na dia amin'ny fiteny andavanandro aza.

Ohatra :

Tsy ratsy. >> Tena tsara mihintsy

Somary tiatia toaka izay iny Rangahy iny. >> Mamo lava iny rangahy iny.

b) Famariparitana amin'ny heviny malalaka :

Fomba filazan-javatra mifintina sy henjana. Amboarina ny filazan-javatra, afintina, k any hany tazonina ao anaty fehezanteny dia izay teny tena ilaina : foanana araka izany izay azo foanana rehetra toy ny kian-teny, mpampitohy na mpampiankina. Amboarina tahka izany koa ny rafitry ny fehezanteny.

Ohatra :

Efa natelin'ny somambisamby ela izy roa lahy, fa mbola nijoro teo an-davarangana ihany isika.

**ANADIPLOSE :**

Tamberim-boan-teny na andian-teny am-param-pehezanteny na am-paran'andalana sy an-doham-pehezanteny na an-dohan'andalana mifanesy, ary tsy mihova hevitra ilay teny amin'io izy miverina io.
Mety ho eny anelanelan'ny fehezanteny koa anefa.

Io tamberina io dia anisan'ny fitaovana entin'ny mpanoratra andokoana fihetseham-po na eritreritra mipololotra avy ao anaty toy ny fahatsiarovana tsy mety maty fa mibosesika hivoaka foana, na ny fanaintainan'ny hanina sy ny alahelo tsy mitsahatra fa manevitevika foana any ho any, na ny fitohizan-javatra tsy hay tohaina, tsy misy fijanonany , ary toa mitambesatra tsy zaka.

Ohatra :

Ary dia mbola nitohy ihany ny alina,

ny alin'oram-baratra. (Harioley, Raivo mpanota)

**ANAPHORE:**

Tamberim-boan-teny na tamberin'andian-teny an-doham-pehezanteny, na an-dohan'andalana, an-dohan'andininy mifanesy. Sarin-teny fampiasa na mampiseho isaky ny misy fanantitranterana na fikirizana, na fihetseham-po mibosesika, toy ny fitiavana tsy tontan'ny ela, ny herim-po tsy kivy kiviana, ny hambom-po tsy pepo pepoina, ny fanantenana maitso lava, tsy mety malazo, ny alahelo tsy mety mitony… ..

Ohatra :

Impolo Ingahirainy no nananinga ny loha-posiny ;
impolo no niantso ilay "any ve?".
Impolo no nitselatra teo amin'ny anakandriamasony ny fanantenana …
anefa impolo no maty teo amin'ireo anakandriamasony ireo ny afon'iny fanantenana iny.

(Raharolahy, Ny zanak'izao tontolo izao)

**EPIPHORE :**

Tamberim-boant-teny na andian-teny am-param-pehezanteny na am-paran'andalana na am-paran'andininy mifanesy. Araka izany dia mifanohitra amin'ny anaphore.

Indraindray dia ampifandraisin'ny mpanoratra ny ny anaphore sy ny épiphore ; ary ny manaitra aza dia hoe : teny iray ihany no ampiasainy hahazoana anaphore sy épiphore.

Ohatra :

Hita taratra eo amin'ny masony mora niova foana ny fihetseham-pony.
Faly ny fony, dia mitsiky ny masony.
Tezitra izy dia mivandraka ny masony.
Sosotra izy dia maloka ny masony.
Malahelo izy, mitomany ny masony.

(Randriamiadanarivo, Vorom-by)

**EPANALEPSE:**

Tamberim-boan-teny am-piandohana sy am-param-pehezanteny na andalan-tononkalo.

Tsy dia fahita firy ao amin'ny mpanoratra Malagasy.

Ohatra :

Ny koranam-pianakaviana tsy feno intsony ho korana.

(Dox, Voninavoko)

## Sahanasa 1

Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ireto tamberin-teny ireto sy ny famaritana azy :

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Litote** | • | • | Tamberim-boan-teny na tamberin'andian-teny an-doham-pehezanteny, na an-dohan'andalana, an-dohan'andininy mifanesy. |
| **Anadiplose** | • | • | Tamberim-boan-teny am-piandohana sy am-param-pehezanteny na andalan-tononkalo. |
| **Anaphore** | • | • | Tamberim-boant-teny na andian-teny am-param-pehezanteny na am-paran'andalana na am-paran'andininy mifanesy. |
| **Epiphore** | • | • | Fanamaivanana filazan-javatramba hampafonja bebe kokoa ny tian-kambara. |
| **Epanalepse** | • | • | Tamberim-boan-teny na andian-teny am-param-pehezanteny na am-paran'andalana sy an-doham-pehezanteny na an-dohan'andalana mifanesy, ary tsy mihova hevitra ilay teny amin'io izy miverina io. |

## Sahanasa 2

Mitadiava/ mamorona tononkalo na lahatsoratra ahitana ireo tamberin-teny ireo na iray na roa amin'ireo.

……………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………

**Sahanasa 3**

Asongadino ireo tamberina hita amin'ity tononkalo ity :

## KISENDRASENDRA

Kisendrasendra angamba ilay isika nifanena
Kisendrasendra koa 'lay topi-masontsika
Kanefa tamin'iny, injao nangenahena
Ny fo amam-panahy sy ny fisainantsika…
Matahotra ho tia

Kisendrasendra angamba 'lay teniko mangina
Toa mila tsy ho re… Kisendrasendra koa
ny nahatonga anao hamaly am-pifaliana
ny teny 'zay nataoko… Kanjo tao am-po
Dia samy efa tia.

Kisendrasendra angamba ilay ianao natahotra
Ka nandray ny tanako ho vahatra ifaharana
Kisendrasendra angamba izaho 'lay vahobahotra
Namihina anao, nahita fahasambarana
F'izay vao tena tia

Kisendrasendra angamba ilay ianao tsy tratrako
fa lasana nandeha….Kisendrasendra mamy!
fa alahelom-poko, ny tsiaro feno fatrako
Na nanambara tamiko fa ianao no hany
Malalako ho doria.